“Tsy hisy hiditra amin’ny afo izay mivavaka maraina alohan’ny fiposahan’ny masoandro na sy ny hariva mialohan'ny filentehan’ny masoandro.”

Tatitra azo avy tamin'i Abo Zohair Omarat Ibn Roaya (R.A) niteny : Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Tsy hisy hiditra amin’ny afo izay mivavaka maraina alohan’ny fiposahan’ny masoandro na sy ny hariva mialohan'ny filentehan’ny masoandro.”
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Mampahafantatra ny irak'Allah (S.A.W) hoe : Tsy misy olona manao ny swalat amin'ny maraina sy ny tolakandro ary manohy izany, dia tsy hiditra amin'ny helo. Nosinganiny manokana ireo swalat roa ireo; Satria ireo no mavesatra indrindra amin'ny swalat, ary satria ny maraina dia ao anatin'ny torimaso sy ny tsirony, ary ny tolak'andro dia be atao amin'ny asa sy varotra isan'andro, ary izay mitazona ireo swalat roa ireo na dia eo aza ny fahasahiranana dia hihazona ny swalat sisa.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/6215